

# ALAHADY FAHA 13 MANDAVANTAONA - A



## NY SOA ATAO, LEVENAM-BOLA

Ry Kristianina havana, alohan'ny fandalinana miainga amin'ny tenin'Andriamanitra dia an-kafaliana an-karavoana no iarahabana antsika tsiraikiraiky satria tamin'ny zoma 26 jiona teo isika no niaranankalaza ny fetim-pirenentsika. Feno 60 taona ny fahaleovantena. Ao anatin'izao valan'aretina izao nefy izany fankalazantsika izany. Mafy ny manjo ny maro. Maro tokoa ny very fanahy mbola velona. Maro ny manontany hoe mbola ho afaka ihany ve? Izao indrindra isika no tsy maintsy manamafy ny vavaka ametrahantsika ny fitokisantsika amin'Andriamanitra. Hoy I Md Joany Paoly faharoa raha niatrika fotoan-tsarotra ny firenena polonais tamin'ny taona 1980. Matokisa, hoy izy, fa tsy maintsy mandresy Andriamanitra ary raha misy fandresena dia tsy maintsy mandalo amin'I Masina Maria izany. Matoky koa isika fa ho resy ity coronavirus ity ary ho fandresentsika azy dia handalo amin'I Notre de la Route isika. Faharoa ho resy ny fahavalon'I Pologne hoy ny Papa tamin'izay raha mipetraka tsara ny fifarimbonana marina. Averin'I Papa François io amin'izao. Aoka , hoy izy, hiezaka isika hametraka fifarimbonana firaisan-kina amin'ny fampanjakana ny fifamindram-po sy fifamelankeloka. Tsy resy izay mamela heloka na malemy fa manasoa ny hafa. Io indrindra ny fotokevitra amin'izao alahady faha 13 izao

Averimberintsika matetika fa ny fandalinam-pinoana no iainantsika amin'izao vanim-potoana

mandavan-taona izao arak'ireo vakiteny atolotry ny Eglisy amintsika ary mba hivelomantsika satria efa nandray ny Fanahin'Andriamanitra isika taorian'ny fetin'ny Pantekôty. Izao mihitsy no iezahantsika hameno ny sajoe faharoa, ny siny faharoa na dia averintsika matetika ihany koa fa tsy afa-misaraka ireo sajoe saota, ireo siny enina. Ny antony dia isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona, isika izao no EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HANORINA ETA ZARY TABERNAKLA VAOVAO. Mba hanampy antsika hanatanteraka izany iraka izany dia misy toetra anankiray ampianarin'ny Eglisy antsika isaky ny Alahady. Asongadin'ny Eglisy ny toetra miainga avy amin'ireo vakiteny mba hivelomantsika ny batemy, ny maha kristianina antsika satria ny finoana hoy isika tsy tany malemy hanorenam-pangady fa tany lonaka

Vakiteny I : 2 Mpanj. 4, 8-11. 14-16a

Tononkira : Salamo 88

Vakiteny II : Rôm. 6, 3-4. 8-11

Evanjely : Mt. 10, 37-42

hampamokatra ireny fanomezam-pahasoavana entina hanorenana lanitra vao sy tany vao hitondra amin'ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra ireny.

Amin'izao Alahady faha-13 mandavan-taona izao àry dia toetra anankiray tsy maintsy ananantsika mba hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'olona no ambaran'ireo vakiteny masina aroson'ny Eglizy amintsika :

"Ny soa atao levenam-bola fa ny ratsy atao loza mihantona". Ao anatin'ny fifarimbonana no hanorenantsika ny ho avy rehefa vita izao coronavirus izao

Ny zavatra tsy maintsy ho halalinintsika ary tsy maintsy hiainantsika dia mikasika ny fandraisana sy ny fahaizana mampiantrano an'izay rehetra manodidina antsika. Izany no ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjely "*Izay mandray anareo mandray ahy ary izay mandray ahy mandray izay naniraka ahy dia ny Ray.*

Rehefa mivolagna isika "fandraisana ny manodidina" dia tsy mijanona amin'ireo akaikintsika ary ny olona fotsiny fa indrindra amin'izao andro sarotra izao. Mety misy fakam-panahy aterak'izao vanimpotoana sarotra. Mety misy hanana toe-tsaina samy mandeha samy mitady isika. Misy noho fiarovan-tena tafahoatra ka hiavo-tena samirery zary hanapotika ny "manodidina", hanilikilika ny "manodidina". Mety voan'ny fakam-panahy isika hiavotana ka "hanapotika" ny zavaboaary, haniliaka ny havana (aleo very tsikalakalam-pihavanana toa very tsikalakalam-bola...). Ho fiarovan-tena dia tsy sahy mandeha mivavaka... Manasa antsika ny Eglizy handini-tena miainga amin'ireo vakiteny 3 amin'izao Alahady faha 13 izao.

Ny vakiteny voalohany dia mitantara ny nampiantranoin'ilay vehivavy mananon-tena tao Sonàma an'i Elisea mpaminany, sarotra ny fiainana, fahoriane lehibe no nanjaka tamin'izany fotoana izany ary ilay mananon-tena dia efa vonona hiatrika ny fahafatesana. Azo lazaina fa mitovitovy amin'ny fiainantsika mianakavy amin'izao fotoana iainantsika izao ny toe-java nisy tany Sonàma. Firifiry tokoa ny mitraina, maro ny trtry ny fahasahiranana tahaka an'io vehivavy mananon-tena io. Tamin'izay indrindra no nampiantrano an'i Elisea izy ary Elisea nilaza tamin'ilay vehivavy fa hahazo fahasoavana ianao satria tsy nisalasala izy nampiantrano an'i Elisea mpaminany amin'ny maha-mpaminany azy.

Hamafisin'ny Evanjely niany io toetra io : "*Izay mandray ny mpaminany dia hahazo ny valisoan'ny mpaminany, ary izay mandray olo-marina dia hahazo valisoan'ny olo-marina*".

Tanteraka tamin'ilay vehivavy sy ny vadiny tokoa io zavatra nolazain'i Jesoa ao amin'ny Evanjely io, satria izao no nataon'i Elisea mpaminany. Ary hoy i Elisea: "*Ka inona àry no hatao ho azy?*" Dia hoy ny navalin'i Giezi: "*Zanaka no tsy ananany ary ny lahy efa antitra*". Dia hoy Elisea : Antsoy àry izy". Dia nantsoiny izy ka nijanona teo am-baravarana; ka hoy i Elisea taminy: "*Raha afaka herintaona amin'izao fotoana izao, dia hisafosafo zazalahy ianao*".

Izay ilay andrasana amintsika ry Kristianina havana mba hahafantaran'olona fa isika no Jesoa mpiara-belona amin'olona dia isika mizara fahasoavana, mandray olona ary manokatra ny fontsika, manokatra ny fiainantsika mba hahafantaran'ny olona fa i Jesoa tokoa no manasoa ny fiainantsika. "Ary na iza na iza hanome rano mangatsiaka na dia eran'ny kapoaka monja aza hosotroin'ny

*anankiray amin'ireo madinika indrindra ireo, noho izy mpianatro, dia lazaiko marina aminareo fa tsy ho very valisoa izy?*" Manasa antsika i Jesoa tsy hikombona na oviana na oviana na dia matrika fiainana mafy aza. Tandremo tsy ho very repère isika. Aoka tsy hanaraka modèle piraté izay tsy inona fa ny vola sy ny ara-nofo. Tsy hoe ratsy ireo fa raha sanatria mandray ny toeran'Andriamanitra ireo izany hoe ny vola no référence, no répère dia zary modèle piraté ka izay no mahatonga ny korontana rehetra. Aoka isika tsy voafitaka indrindra ny fianakaviana Eglisy kely. Aoka ny fifanasoavana ao anatin'ny fifarimbona no ataantsika filamatra, repère sy référence. Vokatr'izay dia miombona tokoa fa tsy mikombona isika ka mahita fivelarana. Izany hoe mampiombona ny fiainana amin'i Jesoa isika tsiraikiraiky ka mifarimbona mifanasoa.

Takina amintsika izany ry Kristianina havana, isika EOV MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA ho an'ny manodidina. Matoa i Jesoa milaza hoe *izay tia ny rainy sy ny reniny mihoatra noho izaho dia tsy mendrika ahy, izay tia ny zanany lehilahy na vehivavy mihoatra noho izaho dia tsy mendrika ahy*, tsy hoe ny hanilikilika no tadiavin'i Jesoa fa izy ho eo anivon'ny fiainantsika. Izy no tiany ho repère sy référence. Raha izy no ivon'ny fiainantsika sy eo anivon'ny fiainantsika dia mihoatra noho izay eritreretintsika ireo fikarakarana ny Ray aman-dReny ny manodidina rehetra ka mampahazo ny fahasoavana. Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy no entintsika miombona amin'ireo manodidina antsika.

Tian'i Jesoa amin'io fepetra lazainy io ny ataantsika amin'ny fanarahan-dia azy. Tahaka izy manana ny toetra maha-Andriamanitra azy, nataony tsinontsinona izany mba hanambarany izany fahasoavana ao aminy izany dia lasa mpiara-belona amintsika izy ka nahafoy ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fitiavany antsika. Ny fitiavana no atao ambony indrindra ka ao anatin'izany ny fitiavana ny Ray aman-dReny izany no tian'i Jesoa ambara ka zary famantarana ho an'ny zanaka. Izany ny mpiara-belona amin'i Jesoa ka zary fanasina sy fahazavana isika. Izay no modèle original ho antsika. Tsy nanao kobaka am-bava izy fa tena nivelona izay nolazainy izy.

Ahoana àry ny hahatongavan'izany ?

Rehefa ao amintsika tokoa i Kristy dia miara-maty aminy isika hoy i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, dia hiara-belona aminy isika ka zary mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika sy Kristy velona eo amin'ny mpiara-belona amintsika isika. Feno an'i Kristy ny fiainantsika, tsy hoe midika atao tsinontsinona ny Ray aman-dReny na ny zanaka fa i Kristy no "référence principale", izy no "répère" ho entina manatanteraka an'izay rehetra atao.

Tsy hoe natao ho an'ny pretra na ho an'ny mpanara-dia akaiky an'i Kristy fotsiny izao tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-13 izao fa natao ho an'izay vita batemy izay tsy maintsy mahafoy ny "modèle piraté"-atolotrizao tontolo izao. Tsy araka ny lojikin'izao tontolo izao tokoa ny fiainantsika fa araka ny lojikin'I Kristy. Tsy inona izay fa ny fahafozana sy fanompona. Io no lalana mitondra antsika amin'ny "solidarité" marina, mitondra amin'ny fifarimbonana.

Matetika averintsika ny hoe : tandremo fa raha tiantsika ho Eglisy olona, ho tempolin'Andriamanitra isika dia aoka tsy ho Eglisy mandray fotsiny (consommateur) fa tsy maintsy mahafoy koa, Eglisy mpanompo, Eglisy marty. Tsy hoe ho vonoina anefa fa ny marty midika vavolombelona, tsy afaka

manompo isika raha tsy mahafoy. Tsy "consommateur" intsony isika fa tena "acteur" tokoa, izany hoe : EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA mizara soa amin'ny manodidina.

Izany no azo amintinana ny Evanjely androany sy azo amintinana koa ny loha-hevitra amin'izao Alahady faha 13 izao. " Ny soa atao levenam-bola fa ny ratsy atao kosa loza mihantona" *ka izay mandray anareo mandray Ahy, hoy Jesoa, ary izay mandray Ahy mandray an'izay naniraka Ahy*, koa zary fahasoaavana na dia ireo mety manahirana aza satria miara-maty amin'i Kristy isika mba hiarabelona Aminy koa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson